
# ALAHADY PAKA - TAONA -B-2024




*« Dia mba lasa koa i Piera sy ilay mpianatra anankiray nankany amin'ny fasana, ka niara-nihazakazaka izy roa lahy »* (Jo. 20: 3 – 4

Ry Kristianina havana, an-kafaliana sy an-karavoana no anolorako fiarahabana sy firarian-tsoa omban-tsodrano ho antsika Olo Araiky, "Fratelli Tutti" amin'izao Paka 2021 izao. Tsy mihambahamba aho fa tena Paka manokana sy miavaka ity Paka ity satria iarahantsika mianakavy midera sy manome voninahitra an'Andriamanitra noho ny fankalazana an'i Kristy tafatsangan-ko velona fa indrindra hanambarantsika amin'ny feo manakoako ny fandresen'ny ratsy izay nitady hamafy voa ratsy teo anivon'ny fiainantsika ka mitady hanapotika ny fifandraisana na amin'ny zava-boary na amintsika samy isika na amin'Andriamanitra. Matoky isika fa i Jesoa Mpampihavana no eo anivontsika ankehitriny ka afaka mivelona ny tena fihavanana isika.

Paka, fandalovana, araka ny naverimberintsika matetika nandritra ny karemy fiomanantsika amin'ny Paka. "Ady sy Dia" "Ady" amin'ny ratsy dia ny fahotana manapotika ny fiainantsika ary "Dia" mankany amin'ny fiainana miaraka amin'i Kristy ka hanaovantsika "départ vaovao", "Fiaingana vaovao". Tonga tokoa ity ny fotoana, nandresy tamin'ny ady i Kristy, niara-maty taminy isika amin'ny fahotana ka matoky fa miara-mitsangana Aminy koa amin'ny fandresena ny ratsy, miditra amin'ny fiainam-baovao. Fotoam-pahasoavana lehibe tokoa izao Paka izao, Paka manokana satria Paka ao anatin'ny diabe iarahantsika miroso amin'ny KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY (KEN 2024), Paka manokana satria ny NY FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY ka mifampitsimbina, mifanasoa, mikajy ny soa iombonana. Paka manokana ka hivelomantsika ny maha-EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA antsika,

**Vakiteny I :** Asa. 10, 34a.37-43
**Tononkira :** Salamo 117
**Vakiteny II :** 1 KOR 5,6b-8
**Evanjely :** Jo. 20, 1-9

hahatonga antsika ho “Generation de bâtisseurs”, Taranaka Mpanorina miaraka amin’I Kristy Mpampihavana. Manorina ny fifandraisana vaovao eo anivon’ny tontolo iainana araka ny efa voalazantsika teo isika. Manomboka amin’izao Paka izao miaraka amin’I Kristy Fihavanana ka zary Olo Araiky isika ka mametraka fifandraisana mitondra amin’ny fifampitsimbina sy fifanasoavana satria araka ny fampianarana naverina dia nentin’ny Fanahy Masina ka niroso amin’ny fiovam-penitra mahery vaika ara-pitondran-tena vokatry ny safidy nohamafisina tamin’ny fanavaozana ny toky tamin’ny Batemy. Olom-baovao isika ka mitoetra ao amin’i Kristy sy itoerany ka hamokatra be ary feno hafaliana satria ao anatin’ny fiadanana. Tsy ilay fiadanana omen’izao tontolo izao izay mitondra amin’ny fahadisoam-panantenana fa ny fiadanan’I Kristy nandresy. Io fiadanana io no hifampizarantsika amin’izao fankalazana manetriketrika ny Paka izao. Vaovao mahafaly hifampizarantsika fa velona marina tokoa i Kristy. Nandresy ny faran-tampon’ny ratsy rehetra Izy dia ny fahafatesana. Nandresy niaraka Aminy isika ka mitondra antsika tanteraka amin’ny fiainana vaovao. Izany ny Aleloia hiraina sy ankalazaintsika. Ny Aleloia dia midika fanomezam-boninahitra ary fiderana an’Andriamanitra, manambara hafaliana sy haravoana. Raha misy faniriana lalina amin’izao Paka izao àry ka hifampizarantsika ilay hafaliana lavorary ao amin’i Kristy dia aoka ho feno Aleloia ny fiainantsika manontolo, hanambara ny Aleloia eo amin’ny manodidina antsika.

Izany ny Paka ho antsika. Paka hitondra fiadanana ho antsika. Ary Paka manokana ho antsika araky ny voalaza teo satria miatrika izao Kongresy izao izay sambasambany eto amin’ny diosezy. Tsy izany anefa no tiana asongadina fa ny hasarobidin’izao Kongresy izao satria ny Eokaristia  no loharano sy fototra ny fiainantsika kristianina. Izao anefa ny fotoana tsara hivelomantsika azy. Azo lazaina fa noho ny fahasoavan’Andriamanitra dia afaka tsapain-tanana izany zavatra tsy takatry ny saina izany ka mahatonga antsika rehefa mankalaza ny Eokaristia amin’ny fihobiana manao hoe : “Lalina sy mahagaga ny ataon’Andriamanitra ho antsika”.  Aoka hahay hanararaotra isika hanao départ vaovao fa tsy départ zéro araky ny sangisangy ataon’olona. Na Andriamanitra aza tsy nanao départ 0 raha namonjy antsika fa naniraka ny Zanany ho tonga olombelona, nanolotra ny ainy, nandatsaka ny rany teo amin’ny hazofijaliana, nitsangan-ko velona namerina amin’ny laoniny ny zava-drehetra na dia miasa mafy aza ny demony mamafy voa ratsy. Matoky isika fa handresy ka miara-miroso amin’ny fankalazana ny Kongresy Eokaristika mampiditra antsika amin’ny fiainam-baovao miaraka Aminy sy amin’ny alalany ary ao Aminy dia ny fiainana Eokarsitika.

Misy evanjely telo atolotry ny Eglizy vakiana androany, iray amin’ny maraina, iray amin’ny antoandro, ary iray amin’ny hariva. Ka ny Evanjelin’i Md Joany no entiko hifampizarana amintsika sy hiarahantsika hidera an’Andriamanitra amin’izao fankalazana ny Paka izao izay mitantara ny zava-mitranga tamin’ny voalohan’ny herinandro dia ny Alahady izay andro lehibe fankalazana ho antsika. Tsy hoe resin’ny Sabata sanatria io vao nolazaintsika teo io. Tsy départ 0 fa “nouveau départ” izany hoe ny Paka ho antsika fankalazana an’I Kristy nandresy nanavao ny zava-drehetra dia fanorenana vaovao, fahariana vaovao, manambara fidirana amin’ny fiainam-baovao. Tsy hoe ratsy ny fahariana sy ny fanorenana taloha fa noho ny fahotana dia lavo isika ka resy tamin’ny fakam-panahy. Io ilay lazaintsika niala tamin’ny

vôkasiontsika araka ny nahariany antsika ka anisan'ny voka-dratsy ny fahapotehan'ny fifandraisana izany hoe naratra ny fihavanana ka raha voaarina ny fihavanana dia izy no hanasitrana an'izao tontolo izao naratra vokatry ny fahotana.

I Kristy no niady ka nandresy ary tanteraka ny fitsanganan-ko velona, izany no mahatonga antsika mankalaza ny Alahady satria manambara fiainam-baovao. Nandeha tany am-pasana i Maria Madelena. Manambara haizina sy fahafatesana ny fasana, izany hoe ny fahotana mamono ny fiainantsika. Tsy nahita ny fatin'i Jesoa izy ka lasa niantso an'i Piera sy Joany izay lasa koa namonjy ny fasana. Izany dia tandindon'ny fiainantsika anatin'ny fijaliana sy fahoriana, fasana manambara ny faharatsiana sy fahafatesana. Milaza miara-mahita isika miatrika izao krizy marolafy izao fa maro ny zavatra potika. Mihoron-koditra isika mahita ireo fianakaviana tsy afaka mankalaza izao Paka izao. Malahelo fa noho ny fihavanana simba dia misy fianakaviana tsy afaka mifamangy, miady mifanilika. Tsy azontsika andosirana ny fiainana tsizarizary fa avy amin'io no mitondra amin'ny fiainana vaovao satria mandresy i Kristy. Nanaiky hilevina I Kristy fa tsy nanaiky ho lò tao am-pasana mba hanambara amintsika entanin'ny finoana fa ny ratsy no nalevina tao ary ny ratsy fara-tampony dia ny fahafatesana no nalevina tao ka ny fiainam-baovao no atolony ho an'izay mandray azy izany hoe mandray ny Batemy.

Nandeha tany izy ireo ka nahita ary nino. Aoka ho fampianarana ho antsika izany, marina fa tsy nahita amin'ny mason'izao tontolo izao izy ireo satria raha izany dia tsy hahita na oviana na oviana ny fahasoavan'ny fitsanganan-ko velona fa amin'ny masom-pinoana no tsy maintsy hijerentsika azy tahaka ny nataon'i Piera sy Joany. Aoka àry ho entanin'ny fahasoavan'Andriamanitra isika ka hirehidrehitra ny fontsika tahaka an'ireo mpianatra nankany Emaosy raha teny an-dàlana izy ireo ka nivaofy ny Soratra masina tamin'izy ireo i Jesoa. Nisokatra ny mason'izy ireo tamin'ny masom-pinoana ka nahita an'i Kristy fa talohan'izay nisokatra ny sofin'izy ireo ka afaka nihaino an'I Jesoa. Matetika isika no tsy mahita an'i Kristy amin'ny fiainantsika satria mijery araky ny mason'izao tontolo izao sy mihaino araky ny sofin'izao tontolo izao nefa i Kristy tsy mitsahatra mampianatra antsika ary tsy mitsahatra mampianatra antsika koa ny Eglizy fa indrindra amin'izao fiomanana amin'ny fankalazana ny Kongresy Eokaristika izao.

Ry kristianina havana, izany no firarian-tsoa sy vavaka iarahantsika manao amin'izao Paka manokana izao, Paka iomanantsika miatrika ny Kongresy Eokaristika. Navozo, kivy ireo mpianatra nefa nosokafan'Andriamanitra ny masony sy ny fony ka nahita izy ireo ka nino. Enga anie hahiratra koa ny masom-pinoantsika, hisokatra ny sofim-pinoantsika, hisokatra ihany koa ny fontsika ka hivaha ny vavam-pinoantsika hanambara fa i Kristy dia nandresy ary Izy no famonjena ho antsika. Izany no ataontsika mandritra ny prôsesio amin'ny Kongresy Eokaristika ka zary EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA ISIKA. Mila izany izao tontolo izay very fanahy amin'izao.

Mivononà àry isika EOV JIABY, isika EOV MISIONERA hanao tahaka ireo apôstôly ao amin'ny vakiteny voalohany boky mitantara ny asan'ny Apostoly. Entanin'ny Fanahy Masina izy ireo

ka sahy nanambara fa efa nitsangan-ko velona tokoa i Kristy. Enga anie isika ho tahaka azy ireo hijoro ho vavolombelona hanambara ny fandresen'I Kristy ny ratsy amin'ny alalan'ny fiainantsika. Fa izany no tadiavin'izao tontolo izao "vavolombelona fa tsy toriteny na resaka ambony vavahady". Mihaino Mpitoriteny ny olona satria vavolombelona ilay mpitory, izany hoe tsy manao kobaka am-bava fa hita amin'ny fiainana izay lazainy. Izany no nataon'i Lucien Botovasoa. Nataon'I Victoire Rasoamanarivo. Nataon'ireo Olomasina sy Olontsambatra Malagasy. Mila vavolombelona izao androntsika izao, vavolombelona mitondra fanantenana satria maro ny zavatra mandiso fanantenana antsika, mila vavolombelona manambara hafaliana tena marina amin'izao andro iainantsika izao. Izany no hita taratra tamin'i Lucien Botovasoa, tamin'ireo Olontsambatra sy Olomasina malagasy : hafaliana avy ao anaty fa tsy hafaliana fihatsarambelatsihy, hafaliana mitondra fiadanana nentin'i Kristy ka isaky ny miseho amin'ny mpiara-belona I Kristy amin'izao vanim-potoanan'ny Paka izao dia milaza hoe "Homba anareo anie ny fiadanana." Io ny fifampiarahaban'ny Kristianina hanambarana fa na dia eo azo ny zava-misy vokatry ny korontana, asan'ny demony dia matoky isika fa raha miaraka amin'I Kristy nandresy dia afaka mizara fiadanana, mizara fihavanana, fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao.

Enga anie ho maro isika ny ho vavolombelona mizara ny fiadanana, hizara ny fahamarinana, hizara ny fifankatiavana, satria izany no mitondra amin'ny fihavanana marina, fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao.

Ny vakiteny faharoa mitantara ny fanorenana ny Eokaristia, ka i Kristy no mofo tsy misy lalivay izany hoe manambara ny fandalovana, niala tamin'ny fanandevozana tany Ejipta ka miditra amin'ny tany nampanantenaina. Izany no Paka ho antsika miala amin'ny fiainana tsizarizary mirefarefa amin'ny tany dia mandray ny mofo tsy misy lalivay izany hoe tsy misy faharatsiana intsony fa mofo vaovao ary tsy mety simba mandrakizay dia tsy iza fa I Kristy.

"*Tsy fantatrareo angaha fa lalivay kely foana dia mampibohaka ny vongan-dafarîna manontolo? Esory re ny lalivay ela, mba ho vongana vaovao ianareo, sady efa voavono i Kristy izay Paka ho antsika koa aoka àry isika hankalaza ny fety tsy amin'ny lalivay ela, na amin'ny lalivaim-paharatsiana aman-dolom-po, fa amin'ny mofo tsy misy lalivay, dia ny fahadiovam-po amam-pahamarinana izany....*"

Izany no vokatra antenaintsika amin'izao Paka izao sy angatahintsika ny fahasoavan'Andriamanitra mba ho fo vaovao ary ao anatin'ny fahamarinana no ankalazantsika an'izao Paka izao. Nandresy ny ratsy tokoa i Kristy, nandresy ny fahotana, nandresy ny fahafatesana, ireo no lalivay taloha, lalivain'ny faharatsiana, fialonana, avonavona, fitiavan-tena, hena-maso, fitsaraham-belatsihy… ho resentsika sy ho levona ao amin'ny fasana ireny rehetra ireny ka hiara-hitsangana amin'i Kristy isika ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA ka ho feno ny lalivain'ny fanompoana, ho feno ny lalivain'ny fikatrohana, ho feno ny lalivain'ny fitiavam-bavaka, ho feno ny lalivain'ny fahafoizana sy fanompoana, ho feno ny lalivain'ny fandraisana antana ary lalivain'ny fandalinam-pinoana ka tena ho départ vaovao tokoa manorina FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY

MANASITRANA AN’IZAO TONTOLO IZAO. Izany no entintsika mamakivaky an’izao Paka izao, ka ho tena “génération de bâtisseurs” isika, ho taranaka mpanorina ka ho EOV mandray an-tànana amin’ny alalan’ny fitiavam-bavaka, fandalinam-pinoana sy ny firotsahana amin’ny fikambanana masina  ary Eglizy Olona Velona tokoa isika amin’ny alalan’ny fifanompoana fa indrindra ireo madinika eo amintsika, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hampanjaka ny fifankatiavana amin’ny fitiava-namana marina, ny firotsahana amin’ny vaomiera masina hanompoantsika ny Eglizy Olona Velona izany. Handray an-tànana ara-panahy, ara-tsaina, ara-nofo tokoa ny eglizintsika. Ho vonona hahafoy ny fiainantsika manontolo tahaka an’i Lucien Botovasoa sy ho vavolombelona, ary hanana faharetana hatramin’ny farany amin’ny fijoroantsika ho vavolombelona isika, hanana fitiavam-bavaka tahaka an’i Lucien Botovasoa, ho vonona mandrakariva hivelona ny finoantsika, hamafy fihavanana amin’ny manodidina tahaka an’I Lucien Botovasoa izay nomena anaram-bositra hoe Rabefihavanana.

Miarahaba sy mirary soa ho antsika rehetra ary mandrotsaka ny tsodranon’Andriamanitra amin’izao Paka izao, ho Paka tokoa ny fiainantsika ka feno Aleloia. Ho “départ vaovao” amin’ny fifampitsimbinina sy fifanasoavana vokatry ny Fanahy Masina no raisintsika ka ho OLO ARAIKY TOKOA ISIKA JIABY HO FRATELLI TUTTI. Masina Maria ilay vavolombelona voalohany ny Fitsanganan-ko velonahitantana antsika hitoetra ao amin’i Kristy ary Izy Kristy hitoetra ao amintsika dia hamokatra be ny fiainantsika. Md Josefa Ray Mpiaron’ny Eglizy hivavaka ho an’ny fianakaviana izay mitondra faisana noho izao krizy izao. Hanana herim-po nananany anie ny Ray jiaby ka samy ho vonona mikarakara ny Fianakaviana tahaka ny nataony tamin’ny Fianakaviana Masina tao Nazareta.

Homba antsika mianakavy anie ny Tompo, ho tanteraka tokoa izany ary hitso-drano sy hitsimbina antsika anie Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra Ray, Zanaka sy Fanahy masina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson